Fiarahamonina – andraikitra 7
**Tsy mahavery fanantenana ny zava-misy, mbola misy olo-marina ao**

Prefet an'Antananarivo 3
**Handray fepetra amin'ireo mpanakorontana hono**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 14 desalbra 2023 Laharana 1507 Vidiny : 600 Ar


Tsy an-drenivohitra, tsy ambanivolo 3
**Miaina anaty horohoro ny Malagasy**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Rajoelina efa nanary ny maha-gasy azy 2

## Fanambaniana ny Malagasy hoy ny filoha Marc Ravalomanana



ARFM 2

## Endri-panjanahana vaovao no tiana hapetraka eto ka tsy ekena



Fandraharahana 6

## Mampiaka-peo ny sehatra tsy miankina amin'ny olan'ny jiro




Fampianarana 2

## Misy tena tsy milamina ao amin'ny Lycée teknika Antsirabe




Famaranana rugby 6
**Lalao 5 no harahina eny Andoha-tapenaka amin'ny alahady**

Dihin'ny firahalahiana tamin'ny Rosiana 6
**Malagasy miisa 150 no nandray anjara**

**Daka kely**

Mamim-bahoaka ve dia matahotra sioka sy horakoraka ry Boaikely a !

RAJOELINA EFA NANARY NY MAHA-GASY AZY

# Fanambaniana ny Malagasy hoy ny filoha Marc Ravalomanana

Lanonana tsotra nefa nanana ny naha-izy azy, ny natao teny Faravohitra nandritra ny fankalazana ny tsingerin-taona faha-74 nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, izay mbola ao anatin'ny tanjany ihany koa. Nitondra ny fiarahabana azy nandritra izany ny solontenan'ny RMDM, Pasitera Edouard Tsarahame ; ny solontenan'ny mpiaramiasa aminy fony izy nitondra ny taona 2002 ka hatramin'ny taona 2008, ny ministra teo aloha : Mejamirado Razafimihary. Ny solontenan'ny olom-boafidy TIM : depiote sy ben'ny tanàna ary mpanolotsaina, ny depioten'Antsirabe II, José Randrianantenaina ary ny solontenan'ny rehetra niatrika ny lanonana ny talata teo, ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro. Nambaran'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany fa mandalo krizy maro sosona, na crise multiple ny firenena amin'izao fotoana, noho izany mijoroa hoy izy. Fanambaniana ny Malagfasy koa ny haha filoha an-dRajoelina izay Vazaha taratasy nanary ny maha-Malagasy azy. Tsy maintsy tohizana ihany koa ny tolona hoy izy, satria i Madagasikara dia ho an'ny Malagasy. Loha-hevitry ny fotoam-bavaka nandritra izany ny tenin'ny Soratra Masina : "fa izay miandry an'i Jehovah dia handroso hery kosa ; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery ; hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka" : Isaia 40: 31. Nosoritany nandritra io fotoana io koa :"mandefitra manana ny rariny ny Malagasy, kanefa tokony hifoha sy sahy mijoro ao anatin'izao fanagejana izay mihàtra amintsika rehetra izao. Aoka ho tsaroantsika tsara fa ny politika no manoritra ny momba anao androany sy ny hoavinao rahampitso. Raha mahantra ianao dia nohon'ny rafitra sy ny politikam-panjakana no anton'izany. Entin'ny sasany hanararaotana ny Malagasy ny hoe tsy manana fotoana hanaovana politika, fa mila mitady izay ho hanina isan'andro ny Malagasy. Marina tokoa fa sarotra ny fiainana, kanefa izao zavamisy izao dia tsy hanatsara ny fiainan'ny vahoaka Malagasy mihitsy. Noho izany mitohy ny tolona," hoy izy.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, 74 taona.*

***Stefa***

Antoko HVM

# Hanome fampianarana teny anglisy ny tanora

Hanome fampianarana teny anglisy ny tanora liana amin'izany ny antoko HVM : Hery Vaovao'i Madagasikara. Maro sahady no tonga nisoratra anarana amin'izany fampianarana teny anglisy "YES andiany 2024" izany. Ho an'ireo izay mbola maniry hisitraka ny fampianarana dia isaky ny alarobia ny fandraisana ny fisoratana anarana eny amin'ny QG HVM ANDRAHARO . Tombony lehibe ho an'ny tanora malagasy ny fisian'ny fampianarana tahaka izao, satria manampy be amin' ny fidirana amin'ny sehatry ny asa. "Haren-tsaina, fahaizana amam-pahalalana hanampy anao tanora hanana ny maha ianao anao sy hidiranao amin'ny sehatry ny asa, izay no atolotro ho anao fa tsy sanatria sombimofo tsy mahavita taona akory. Tsy afaka misaraka amin'ny FAMPANDROSOANA ny FANABEAZANA", hoy ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina mahakasika izao hetsika ara-panabeazana izao.



*Ireo tanora nisoratra anarana teny Andraharo.*

***Isambilo***

ARFM

# Endri-panjanahana vaovao no tiana hapetraka eto ka tsy ekena

Manatanteraka fihaonambe mandritra ny 2 andro eny Mandriambero distrikan'Ambohidratrimo ny ARFM : Antenimieran' ny Raiamandreny aradrazana sy Foko eto Madagasikara. Omaly no nanombohan'izany ary hifarana anio, sy hamoahan'izy ireo ny fehin-kevitra mahakasika ny raharaham-pirenena, indrindra ny ho fanaovan'ny filoha fianianana nefa efa tsy Malagasy intsony fa Vazaha taratasy. Araka ny fanehoan-kevitr'ireo avy amin'ny ARFM : o***lona tsy manana zom-pirenena Malagasy***, ***nanitsakitsaka sy manitsakitsaka ny lalam- panorenana no hanao fianianana amin'ny sabotsy izao***, hoy ireo Raiamandreny ara-dRazana, ka tsy ekena mihitsy. Endripanjanahana vaovao, no tiana hapetraka eto amin' ny firenena, amin'izao filoha tsy Malagasy hitantana mandritra ny 5 taona izao hoy hatrany izy ireo. Tsy hisy firenena hanaiky hoentin'olona tsy mizaka zom-pireneny izany eto ambonin'ny tany ary tsy ho eto Madagasikara no anaovana izany. Madagasikara manana ny fiandrianany ary tsy maintsy arovana hatramin'ny farany, hoy hatrany ny fanehoan-kevitra. Mpanao politika maro ihany koa no niatrika izao fotoam-panokafana teny Mandriambero izao.



***Niaina***

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Fampianarana

# Misy tena tsy milamina ao amin'ny Lycée teknika Antsirabe

Misy tena tsy milamina ao amin'ny Lycée teknika Antsirabe faritra Vakinankaratra. Araka ny fanadihadiana sy vaovao azo avy any an-toerana toy izao no tena zava-misy sy mitranga ao anivon'ny Lycée technique et professionnel Antsirabe, ka anaovan'ny any an-toerana antso avo amin'ny mpitondra fanjakana. Saram-pisoratana anarana: fakàna vola mitentina 50000 Ar amin'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra amin'ny alalan'ny "FRAM" nandritra ny taom-pianarana 2019-2020 sy 2020-2021, nefa nisy ny toromarika hentitra avy tany amin'ny ministera, fa tsy tokony hisy ny fandoavam-bola hoan'ny FRAM. Ny kojakoja ilain'ny mpianatra: amin'ny fidirana amin'ny taona voalohany dia tsy maintsy vidiana ao amin'ny sekoly avokoa ary tsy maintsy ampiarahana amin'ny "droit d'inscription "sy ny "FRAM"ny vidin'ny combinaison, tenue de cérémonie, tenue de gym, blouse, ireo rehetra ireo dia vidiana amin'ny sarany lafo dia lafo ka hifampizaran'ireo mpitantana ny sekoly ny fahazoana ny tsena amin'ny fanamboarana ireo kojakoja ireo. Marihina fa efa nisy koa ny toromarika avy any amin'ny ministera fa tsy tokony hisy izany fividianana fitaovana izany ao amin'ny sekoly. BEP sy concours : araka ny toromarika avy amin'ny ministera ihany dia tsy nisy ny droit d'examen sy concours nandritra ireny confinement ireny, gaga ny rehetra fa dia nisy ny fakàna vola 2000 Ar isaky ny ankizy saingy tsy nasiana rosia hoan'ny hanao concours, fa ny BEP no nisy rosia fa ny fitambaran'ny volan'ny ankizy iray sekoly niaviana no misoratra ao anatiny. Mikasika ny "régisseur de recette": midongy mitazona ny trano izay fananan'ny LTP Antsirabe eny Soamalaza, ny vadiny izay talen'ny CEG Soamalaza ary misitraka ny trano izay fananan'ny CEG Soamalaza, ny fianakaviany izay tsy miasa ao amin'ny sekoly no mipetraka ao. Io "régisseur de recette"io dia tsy manao ny asan'ny lycée technique fa asan'ny FTS no ataony, noho ny saram-pianarana aloan'ny mpianatra ao ka afaka ampiasainy miaraka amin'ny chef de département FTS amin'izay rehetra itiavan'izy ireo azy. Atelier: nisy ny fitaovana toy ny tour mécanique 2, perçeuse 2, raboteuse izay mody navoaka teo ivelan'ny atelier ary tsy hita intsony taty aoriana. Araka ny resaka mandeha ary misy mpampianatra sahy nilaza fa namidin'ny chef de travaux tamin'ny atelier an'olon-tsotra ireo fitaovana ireo, nefa mbola azo nampiasaina raha nividianana kojakoja nanamboarana azy. Fampiasana herinaratra ao amin'ny atelier: nivididy câble ny komity FRAM ka 4 000 000 Ar ary tao amin'ny COGELEC no nividianana azy, nisy olona iray tao amin'ny komity anefa nilaza mazava fa 2 815 650 Ar no tena vidin'ilay câble. Misy 1 000 000 Ar mihoatra no tsy hita mazava ny nalehany. Connexion WIFI: andoavana vola 10 000 Ar isaky ny mpianatra ary arotsaka ao amin'ny kaontin'ny FRAM, saingy afenina no soloina mila ho isan-kerinandro ny CODE, mba tsy hahafahan'ny mpianatra mampiasa izany. Ny mpampianatra izay mba malahelo ny mpianatra no manome ny code azy ireo. Fitondrana ny mpiara-miasa: misy ny tsindry hazo lena ataon'ireo mpitantana ny sekoly amin'ny mpampianatra sy mpandraharaha izay tsy manaiky ny gaboraraka ataon'izy ireo amin'ny lafiny maro ao amin'ny sekoly, satria dia ataon'izy ireo tantely afa-drakotra avokoa ny mikasika ny resa-bola rehetra. Azo anaporofoina izany ny fahapotehan'ny ankamaroan'ny foto-drafitr'asa toy ny efitano fianarana, ny fitaovana isan-karazany. Teo ihany koa ny fanesorana ireo ECD tamin'ny fomba tsy rariny sy tsy ara-dalàna, fa satria olona avy ao Vakinankaratra avokoa ny ankamaroan'izy ireo, saingy mba nisy tompon'andrikitra tao amin'ny ministera nihaino ny fitarainan'izy ireo ireo, ka mba tafaverina ny ankamaroany. Marihina fa ny chef de travaux no tena ati-doha tamin'ny fanesorana azy ireo ary izy tenany mihintsy no niteny tamin'ny mpiara-miasa izay sendra azy, fa tsy maintsy esorina satria dondrona sy vendrana daholo hono ny olona avy eto Vakinankaratra. Izy izay miteny dia avy amin'ny faritra hafa. Maro dia maro ny fitarainana nalefa tao amin'ny fitaleavam-paritra ny fampianarana teknika sy tany amin'ny ministera mikasika ny fanambaniana olona, ny fanaovana antsojay ny mpiara-miasa izay tsy mety mifanaraka amin'izy ireo nefa dia ny eo ihany no eo. Zava-mitranga amin'izao fotoana izao: betsaka ary tsy tambo isaina ny fanodinkodinam-bola eto anivon'ny sekoly nandritra ny fotoana maro, ka hatramin'izao. Singanina amin'izany ny marché 6181 izay mitentina 29 000 000 Ar, ny fitaovana tonga eny amin'ny sekoly dia zara raha mitentina 5 000 000 Ar. Nisy fanamboarana efitrano fianarana izay in-4 namboarina vao vita(ny tôle nisolo in-4 satria tôle faran'izay manify) nefa nandaniana vola tsy toko tsy forohana, 4 taona aty aoriana vao vita ary zara fa vita. Misy ny fananganana tranokely tsy hay atao inona nandaniana 15 000 000 Ar, izao indray dia manangana trano fivoahana, tsy mbola vita dia lazaina fa lany ny 60 000 000 Ar mahery. Maro tsy voatanisa ny olana fa ny tena tompon'antoka amin'ny fiketrehana ny vola mihodina dia ny chef de travaux sy ireo komitin'ny FRAM sasany ireo. Mitaky famotorana sy fanadihadiana lalina noho izany ny ray amandrenin'ny mpianatra, ny mpampianatra, ny mpandraharaha ao amin'ity sekoly teknika ity. Tantara mitohy.

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

## Tsy an-drenivohitra, tsy ambanivolo
# Miaina anaty horohoro ny Malagasy

Ny tahotra no lehibe indrindra ho an'ireo filoham-panjakana mpisolo toerana, ka hanetsika « mpitandro ny filaminana » enina arivo amin'ny sabotsy 16 desambra 2023, andro hanaovan'i Andry Rajoelina fianianana. Hitombo roa arivo izany raha ampitahaina amin'ny mpiambina ny Kianjan'ny 13 Mey nandritra ny Hetsika Fotsy, nialohan'ny fifidianana, izay naharesy lahatra olompirenena maro nandà ny naneken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny naha kandidà an'i Andry Nirina Rajoelina izay vazaha frantsay. Raha ny zava-misy anefa dia tsy misy mieritreritra ny hanakorontana ny lanonana fianiana izany, fa omaly 13 desambra sy androany 14 desambra no niantsoan'ny raiamandreny ara-drazana izay Malagasy te-hampandroso marina ity Firenena hikaon-doha hanoritra ny làlankizorana ho amin'izany. Raha nokasaina natao teny amin'ny Live Hotel 67 Ha izany kanefa nafindran'ny prefektioran'ny tanànan'Antananarivo ho eny amin'ny Foiben'ny Fikambanan'ny Mpiara-mamaky Baiboly, Mandriambero. Ny tsy mbola mazava aloha raha miaradia amin'ireo raiamandreny ara-drazana avy amin'ny Faritany enina nanao fanambarana, fa tsy manaiky an'i Andry Nirina Rajoelina ho filoan'ny Repoblika amin'ny maha vazaha frantsay azy ireto manao fikaonan-doha ireto. Iaraha mahatadidy ny nanakanan' ny Pefektiora ny Vondron'ny kandidà nikasa nanao fivoriana tao amin'ny Espace iray teny Andoharanofotsy kanefa tsy teto an-drenivohitra izany. Etsy an-kilany dia miaina ao anatin'ny horohoro ny Malagasy, tsy an-tanàn-dehibe ihany fa hatrany ambanivohitra rehetra any noho ny tsy fandriampahalemana. Ny tena mampihorin-koditra dia ny fakana an-keriny sy fanapahan-doha ataon'ny dahalo izay tsy hitan'ny mpiaro ny vahoaka sy ny fananany izay atao. Fantatra fa na misy aza zandarimaria any ambanivohitra any dia tsy ampy olona sy fitaovana ka na misy aza ny vaovao milaza fa lavon'ny mpitandro ny filaminana ny jiolahy dia toy ny rano indray mitete ao an-dranomasina ireny. Ny mahavariana anefa dia enina arivo no hetsehina amin'ny asabotsy eto an-drenivohitra hiarovana olona iray kanefa tsy raharahian'ny fitondrana ireo vahoaka tsy matory an-trano intsony any amin'ny zato kilometatra mahery kely avy eto noho ny fanafihana tsy misy fihafarany ataon'ny dahalo. Kianja sy olona iray no arovana miaramila amina arivony miaraka amin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika sy fiara mifono vy. Midika izany fa manompo vazaha mpanjanaka ny foloalindahy eto Madagasikara ary tsy miraharaha izay manjoa ny Malagasy ary tsy vitan'izany fa toy ireo senegaly tamin'ny taona 1947 nitifitra ireo tia tanindrazana niady ho amin'ny fahaleovantena. Tsy manaiky izany ny olompirenena Malagasy kanefa miandry amim-pahendrena sy amim-pahamalinana ny fotoana mety hanilihana ny mpanjanaka ka nanangana "cellule de crise". Heverina fa kendan'ny vomanga nasesiky ny tànany izao fitondrana izao satria raha mijery ireo vahoaka milahatra eny amin'ny Arena, foibe TGV, mitaky ny vola nampanantenaina azy talohan'ny fifidianana dia mety izy ireo no hitroatra noho ny fahadisoam-panantenana miteraka fahatezerana amin'ny fampivezivezena azy isan'andro kanefa dia mody maina. Raha mihevitra izao fitondrana izao fa tena eo am-pelatanany tokoa ny hery sy ny fahefana dia nandefa ny mpiaro azy nandrava ireo olona mitomandavana eny amin'ny Arena ireo izy. Tsy maintsy ao an-tsain'izao fitondrana izao mandrakariva anefa fa ny vahoaka no mampindrana ny fahefana ary izy ihany no manaisotra izany raha heveriny fa manohintohina ny fiandrianam-pirenena sy ny hasin'ny Tanindrazana ny nampindraminy izany fahefana izany.

**Andry Tsiavalona**

Prefet an'Antananarivo

# Handray fepetra amin'ireo mpanakorontana hono

Tsy eken'ny maro ny vazaha taratasy Andry Rajoelina hitondra ny firenena indray, noho izay antony izay, matahotra korontana mafy ny fitondrana mpisolo toerana amin'izao fotoana izao. Manoloana ny feo miely tsy fanekena ny hanaovana ny fianianan'i Andry Rajoelina amin'ny sabotsy 16 Desambra izao, nilaza ny Jeneraly Angelo RAVELONARIVO Prefet an'Antananarivo, fa handray fepetra amin'ireo mitady hanakorontana hono. Rehefa tsy hanaiky ny fianianan'i Andry RAJOELINA hoy izy dia aoka hotazonina any aminao any izany fa tsy entina ety ivelany. Nambarany fa ho mafy ny fepetra horaisina ho an'ireo hanakorontana. Notsidriny ihany koa ny hamafisina ny fiambenana ireo toerana saro-pady toy ny tobin-tsolika sy ny tohadrano any Tsiazompaniry. Isan'ny ho ambenana koa araky ny nambarany ny TVM sy ny RNM. Tsy misy hahatana herim-bahoaka izany rehefa mitroatra, na herim-pamoretana toy ny inona aza. Madagasikara ho an'ny Malagasy, fa tsy hoentim-bazaha taratasy hoy ny fitarainan'ny maro amin'izao fotoana. Tsy maintsy hisy farany ny zava-drehetra hoy izy ireo.

**Stefa**



*Ny Prefet an'Antananarivo.*

DEPIOTE FETRA BORIBORITANY FAHA-5

# Ny 19 desambra ho avy izao no hivoaka ny didim-pitsarana



*Ny depiote Fetra Ralambozafimbololona (afovoany) ny talata teo, tetsy amin'ny Tribonaly Anosy.*

Niakatra teny amin'ny Fitsarana Anosy ny talata teo ny raharaha depiote Fetra Ralambozafimbololona, depiote avy amin'ny Boriboritany faha-5, filohan'ny vondrona parlemantera Tiako i Madagasikara (TIM). Nandritra ny hetsika fotsy nataon'ireo vondron'ny kandidà 11 teny Mahamasina no nisamboran'ny herimpamoretana azy taminkery, notazonina andro maromaro teny amin'ny zandary Fiadanana izy avy eo, ary afaka nody niandry ny fotoam-pitsarana. Ny 19 desambra ho avy izao vao hivoaka ny didim-pitsarana nanenjehana ity solombavambahoaka TIM ity. Namafisin'i Me Hubert Raharison, mpisolovava ity depiote ity, fa tsy azo atao ny manenjika sy misambotra ireo parlemantera raha tsy mahazo alalana amin'ny birao maharitra. Nitarika olona hidina andalam-be nandritra ireny hetsiky ny vondron'ny kandidà ireny no antony niampangana azy, fiampagana izay tsy mitombina fa fampihorohoroana sy antsojay no tena antony.

**Niaina**

TONONKALO

## NY HEVITRY NY HOE FANAKORONTANANA

Efa tena niova dika ny hoe « fanakorontanana »
Ho an'ireo bebasy donto tsy dia ampy fiofanana ,
Fa izay mihetsika rehetra na ny lalitra na pirina
Dia tadiaviny hogadraina na kendreny hotifirina !

Tsisy intsony ny lalàna fa izay tiany no ampiharina,
Ary dia miharihary fa voatototra ny marina.
Ireo izay manana ny heriny sy fitaovam-piadiany
No hany tokana mibahana ary dia manao izay tiany !

Efa tena niova dika ny foe « fanakorontanana »
Ho an'ireo antokon'olona « mpanao V amin'ny tanana ».
Izay manohitra ny ataony ka miteny manakiana,
Dia tadiaviny hampiasana herisetra sy habibiana !

…Ka ny hoe « mpanakorontana » dia efa tena abaribariny
F'ireo rehetra izay manohitra ny ataon-dry baomba sy ny tariny.
N'iza n'iza te hihetsika dia enjehiny daholo,
Fa izay ilay fanjakan'ny olona mpanao bontolo !

*IRINA HO TAFITA (12-12-23)*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Solontenan'ny RMDM, ministra teo aloha, depiote, ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, nitondra ny fiarahabana ho an'ny filoha Marc Ravalomanana noho ny tsingerin-taona nahaterahany.**









**Ireo solontena, niatrika ny fiarahabana ny filoha Ravalomanana, tratra ny faha-74 taonany ny talata teo.**





**Ireo nankahery ny depiote Fetra teny amin'ny Tribonaly Anosy, tamin'ny fitsarana natrehany ny talata teo.**





## NY TENY FIAINANA

*"Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo ao amin'i Kristy Jesosy."*
***I Korintiana 1:4***

**Grand Tounoi d'Antananarivo 2023**

# Hifandona ny Elgeco Plus sy Cffa amin'ny lalao 1/4-dalana

Hiditra eo amin'ny lalao ampahefa-dalana amin'ny sabotsy 16 sy alahady 17 desambra ho avy izao, ny fifaninanana baolina kitra «Grand Tournoi d'Antananarivo 2023 », karakarain'ny ligin'ny baolina kitra eto Analamanga, ka fantatra fa eny amin'ny kianja «Elgeco Plus Stadium By Pass » avokoa no hanatanterahana an' ireo lalao rehetra amin' izany. Marihana fa saika tafita hiatrika an'izany dingan'ny ampahefa-dalana izany avokoa ireo ekipana goavana ao amin'ny OPL, toa an'ny Cffa Andoharanofotsy, ny Elgeco Plus Fc, ny Disciples FC, ny Ajesaia sy ny Cosfa. Hanampy azy ireo kosa ireo ekipan'ny D1 FC Rouge sy ny US Pro ary ny Disciples FC Espoir. Tena hisongadina amin'izany ny fifanandrinan'ny Elgeco Plus sy ny Cffa. Vokadalao ampahavalon-dalana rehetra : Disciples FC (4) vs (1) Toulon Ac, Spartiates (1) vs (6) Disciples Espoir, Elgeco Plus (5) vs (0) Net Foot, Cosfa (3) vs (0) Mama Fc, AC ZM (0) vs (2) Ajesaia, Requin Bleu (1) vs (5) US Pro, Jet Kintana (0) vs (2) FC Rouge, Cffa (2) vs (1) As St Anne.



*Grand Tournoi d'Antananarivo 2023.*

***Rainilita***

**Championnat d'Afrique Football Scolaire 2023**

# Any Harare no hiatrika ny « Phase zonale » » ny U15 lahy sy vavy

Efa tonga any Harare renivohitr'i Zimbabwe, izay toerana hanatantehana ny fifaninanana baolina kitra « Championnat d'Afrique Football Scolaire 2023 - Phase zonale – COSAFA », ny mpilalao Malagasy sokajy U15 sokajy zazalahy sy zazavavy, izay handray anjara amin'io fifaninanana io . Fandaharan-dalaon'ny U15 Malagasy zazavavy : 14 desambra : 12h30--Madagascar # Namibie, 15 desambra : 09h00-Angola # Madagascar, 12h00-Afrique du Sud # Madagascar, 15h00-Zambie # Madagascar. Fandaharan-dalaon'ny U15 Malagasy zazalahy : 14 desambra : 12h30--Madagascar # Namibie, 15 desambra : 09h00-Angola # Madagascar, 12h00-Afrique du Sud # Madagascar, 15h00-Zambie # Madagascar.



*U15 Sport Scolaire zazalahy Malagasy.*

***Rainilita***

**Championnat volleyball Analamanga 2023-2024**

# Andro faha-3 amin'ny sabotsy sy alahady

Andro faha-3 amin'ny fifaninanana volleyball fiadiana ny ho tompondakan'ny LRVB Analamanga 2023-2024, amin' ny sabotsy sy alahady ho avy izao, ka kianja maro eto andrenivohitra no hanatanterahana an'ireo fihaonana. Fandaharandalao Andro faha-3 16/12/2023 (Jirama Mandroseza) : 14h00-Cvb # Asi (féminin séniro 2D), (Ltc Ampefiloha) : 14h00-Mama # Gnvb 2 (masculin sénior 1D). 17/12/2023 (St Michel Amparibe) : 09h30-Assm # Bi'As (féminin U 18 Jeune), (Ambohimanga Rova T1) : 09h00-Asi # Gnvb (masculin U 20 Jeune), (Ambohimanga Rova T1) : 11h00-Vbcd # Mvbc (masculin sénior 2 D), (Ambohimanga Rova T2) : 09h00-Vbcd # Asi (féminin U 20 Jeune), (Ambohimanga Rova T2) : 11h00-Fmvb # Gnvb (vétéran ), 08h00-(Betongolo T1) : Pôle Gnvb # Asi 3 (masculin Sénior 1D), Betongolo T2) : 08h00-Gnvb 2 # Bkmv (masculin Sénior 1D), (Itaosy T2) : 09h00-2Avb # 2Avb (masculin sénior 2D), (Esca Antanimena) : 10h00-Mamisoa Vb # 2Avb (féminin Sénior 2D), (St Michel Amparibe) : 16h00-Assm # Squad (féminin Sénior 2D), (Itaosy T1) : 09h30-Asi 1# Asi 2 (féminin Sénior 1D), (Ltc Ampefiloha) : 16h00-Squad 2 # Amvb (féminin Sénior 1D (Itaosy T1) : 08h00-Asi 1 # Sdv (masculin Sénior 1D). Ny lalao (féminin Sénior 1 D) : SQUAD 1 # BI'AS izay tokony hatao amin'ny alahady 17 Ddesambra dia hahemotra amin'ny fotoana manaraka. Marihana fa tamin'ny asabotsy 9 sy alahady 10 desambra teo no nanatontosana ny andro faha-2 amin'ity fifaninanana ity.



*Volleyball Analamanga.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Bitro saosy** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana ho an'ny marary lamosina ny solila na menthe

Fanafana ho an'ny marary lamosina ny solila na menthe, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ho an'ny marary lamosina sy mararirary vanin-taolana samihafa eo amin'ny vatana : ravina solila (feuilles de menthe) alatsaka ao anaty RANO IRAY VERA VAO AVY NANGOTRAKA, dia saronana mandritra ny 10min.



Misotro iray vera isan'andro fa hisinda ny marary sady matanjaka ny vatana. Rehefa mahatsiaro mihatsara dia in'efatra misotro isankerinandro dia ampy.
RAVINY 10-15 ISA eo isaky ny rano avy nangotraka iray vera no fatrany indray mandeha.
- Manamboatra vaovao isaky ny hisotro
- Eny amin'ny mpivarotra kotomila sy persil, sy thym, romarin ireny no ahitana azy satria amidy miaraka amin'ireny ny solila..
TSY METY HO AN'NY MAMPINONO.
TSY METY HO AN'NY BEVOHOKA.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampasimazava distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimazava distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimazava ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Vatomandry. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny jirofo, ny lavanila, ny voankazo toy ny : letchi, manga, ampalibe, soanambo. Miompy akoho amam-borona koa ny mponina any Ampasimazava.



FANDRAHARAHANA

# Mampiaka-peo ny sehatra tsy miankina amin'ny olan'ny jiro




*Ireo fikambanana sy vondron'ny mpandraharaha tsy miankina nanao fanambarana niaraka.*

Manoloana ny olan'ny angôvo eto amintsika dia ny resaka jiro sy rano, nampiaka-peo izao ny sehatra tsy miankina eto amintsika mivondrona amin'ny fikambanana miisa 30 eo. Tokony hatomboka amin'izay ny tetikasa Sahofika sy Volobe, hahazoana rianaratra avy amin'ny riandrano, hoy ireto mpandraharaha maro avy amin'ny sehatra tsy miankina ireto. Fotoanan'ny fanatanterahana asa izao, fa tsy fotoanan'ny resabe intsony hoy ny fanambarana. Ireo tetikasa famokarana angôvo 2 ireo no heverin'izy ireo, fa vahaolana maharitra amin'ny olan'ny jiro eto amintsika, eny fa na ny rano koa aza. Ny angôvo azo havaozina avy amin'ny rano, hoy ihany ny fanambarana dia azo tanterahana tsara ary ny angôvo azo avy amin'izany dia mety hiantoka ny 90% ny filana jiro ho an'ny orinasa eto amin'ny firenena. Hampihena koa ny fandanian'ny Jirama sy ny fanjakana, amin'ny mbola fampiasany solika amokarana angôvon'aratra. Tsara kalitao ny angôvo azo amin'ireo tetikasa 2 ireo ary ho ampy. Ahiahian'ireo mpandraharaha amin'ny sehatra tsy miankina ireo koa, ny mbola tsy fandehanan'ny tetikasa Prirtem 1 sy 2 : Projets de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar, izay miankina amin'ny fahatontosan'ny tetikasa Sahofika sy Volobe. Ireo tetikasa 4 ireo no hamaha tanteraka ny olan'ny angôvo eto Madagasikara hoy ireto vondron'ny mpandraharaha tsy miankina avy amin'ny fikambanana sy ny vondrona fikambanana miisa 30 mahery ireto. Tsiahivina fa Sahofika dia hamokatra angôvon'aratra 192 MW ary Volobe 120 MW.

**Isambilo**

Youthconnekt Africa Summit 2023

# Nasongadinin'i Sarobidy ny Malagasy tany Kenya

Nasongadinin'ilay tovovavy Sarobidy ny Malagasy tany amin'ilay fihaonana an-tampony « Youthconnekt Africa Summit 2023 », izay nifarana tao amin'ny « Kenyan International Convention Center Nairobi Kenya », nanavoizana traikefa maro lafy, soa fianatra, fifanakalozana ara-kolotsaina, fifaninanana sy hetsika samihafa hampifandraisana ny tanora amin'ny tantsoroka mahasoa azy ireo aty Afrika. Marihana fa ny « Youthconnekt Africa Summit » dia anisan'ny hetsika lehibe eto amin'ny Kaontinanta arikana, izay hampizakana tena ny tanora ary hanamafisana ny fahalalana, ny traikefa, ny fahaizamanaon'ny tanora itondran'izy ireo fihavaozana ho an'i Afrika. Nasondin'ilay tovovavy antsoina hoe : Sarobidy i Madagasikara nandritra an'izany hetsika izany tamin'ny nandrombahany ny laharana faha-3 tamin'ny fifaninanana « UNDP/AUC Innovation Challenge 2023 ».

**Rainilita**



*Delegasiona Malagasy tany Nairobi.*

Famaranana rugby

# Lalao miisa 5 no harahina eny Andohatapenaka amin'ny alahady

Hiavaka dia hiavaka ny eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka amin'ny alahady 17 desambra 2023 ho avy izao, fa dia lalao miisa 5 be izao no indray harahin'ireo mpitia rugby Malagasy amin'io andro, izay hisian'ny lalao famaranana miisa 4 be izao dia ny lalao famaranana fiadiana ny amboara "Coupe de Madagascar 2023" eo amin'ny rugby lehilahy, ny "Finale rugby vacances U 18" sy ny "Finale Championnat de Madagascar Dame 2è Division" ary ny "Finale Championnat de Madagascar Dame 1ère Division". Hisy kosa mialohan'ny famaranana « Coupe de Madagascar 2023 » ny lalao fiadiana ny toerana faha-3 amin'io fifaninanana io. Fandaharan-dalao rehetra amin'ny alahady : 08h00-Usa Ankadifotsy # Uasc Cheminot (Finale rugby vacances U 18), 09h00-Uasc Cheminot # Asut Université d'Antananarivo (Finale Championnat de Madagascar Dame 2è Division), 11h00-Ftfa Antohomadinika # Scb Besarety (Finale Championnat de Madagascar Dame 1ère Division), 13h00-Tam Anosibe # Ftm Manjakaray (3è Place Coupe de Madagascar), 15h00-Uscar Commune # Cosfa Miaramila (Finale Coupe de Madagascar 2023). Nomarihana fa tsy hiova ohatra ny mahazatra ny vidim-pidirana eny Andohatapenaka amin'io ando io : ankizy 2000 Ar, lehibe 5000 Ar, tribune 10.000 Ar.



*Lalao rugby teny Andohatapenaka.*

**Rainilita**

Dihin'ny firahalahiana niaraka tamin'ny Rosiana

# Malagasy miisa 150 no nandray anjara tamin'izany

Notanterahana teto Antananarivo ny fiandohan'ity volana desambra ity ny fampisehoana fifaninanana dihy momba ny firahalahiana niarahana tamin'ny Rosiana, na "circle dance of friendship" (Khorovod dRUzhby). Teratany Malagasy miisa 150 no nandray anjara tamin'izany: 7 ka hatramin'ny 60 taona na mihoatra aza. Teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo no nanaovana izany fampisehoana izany, nikarakara ny hetsika ny Oniversiten'Antananarivo sy ny Shadrinsk State Pedagogical University any Rosia. Sehatra 3 no nandraisan'ireo mpandray anjara tamin'izany festival izany: teo amin'ny sehatra artistika: tononkalo sy poezia, hira ary ny sehatry ny dihy: choreography. Dihy vako-drazana Rosiana, tononkalo sy poezia ary hira tamin'ny fiteny Rosiana no nasehon'ireo mpandray anjara Malagasy tamin'izany, na nandeha olon-tokana izy ireo, na tamin'ny alalan'ny tarika koa. Tena nahafehy ny fiteny Rosiana avokoa ireo mpandray anjara, ka sahirana ny mpitsara nandritra izany fampisehoana fifaninanana izany. Nahazo mari-pankasitrahana: certificat sy loka maro samy hafa tanaty kitapo iray avokoa ireo rehetra nifaninana tamin'izany, ny voalohany kosa dia nomena diploma sy loka miavaka. Anisan'ny tanjona tamin'izao hetsika izao ny fanapariahana ny fampianarana ny fiteny Rosiana eto amintsika, nanambara ny mpikarakara, fa liana amin'ny fiteny Rosiana koa ny tanora Malagasy amin'izao fotoana.


**Aly**



*Ireo mpandray anjara tamin'ilay fampisehoana fifaninanana niarahana tamin'ny Rosiana.*

Joueur de l'année CAF Awards 2023

# Victor Osimhen sy Asisat Oshoala (Nigéria) no voafidy



*Victor Osimhen sy Asisat Oshoala (Nigeria).*

Ilay mpilalao baolina kitra lehilahy teratany Nigerian Victor Osimhen sy ilay vehivavy Asisat Oshoala (Nigériane ihany koa), no voafidy ho « Joueur de l'année » tamin'ny fifidianana « CAF Awards 2023 », notontosaina tany amin'ny « Palais des Congrès de Marrakech » any Maroc, tamin'ny alatsinainy alina teo. Lanonana izay notarihan'ny filohan'ny CAF amperinasa, Dr Patrice Motsepe ary natrehan'ny filohan'ny FMF, Randriamanampisoa Alfred ihany koa. Lisitr'ireo notolorana amboara : – Joueur de l'année: Victor Osimhen (Nigeria/SSC Naples) – Joueuse de l'année: Asisat Oshoala (Nigeria/FC Barcelone) – Entraîneur de l'année (football masculin): Walid Regragui (Maroc) – Entraîneur de l'année (football féminin) : Desiree Ellis (Afrique du Sud) – Équipe nationale de l'année (football masculin): Maroc – Équipe nationale de l'année (football féminin): Nigeria – Gardien de but de l'année: Yassine Bounou (Maroc/Al Hilal) – Gardienne de but de l'année: Chiamaka Nnadozie (Nigéria) – Jeune joueur de l'année: Lamine Kamara (Sénégal/Génération Foot/Metz) – Jeune joueuse de l'année: Nesryne El Chad (Maroc) – Joueur interclubs de l'année: Percy Yau (Afrique du Sud) – Joueuse interclubs de l'année: Fatima Tagnaout (Maroc/FAR) – Club de l'année (football masculin): Al Ahly FC (Egypte) – Club de l'année (football féminin): Mamelodi Sundowns (Afrique du Sud).

**Rainilita**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**09/12/2023 hatramin'ny 16/12/2023**

- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 032 05 656 56/038 06 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1507-12-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIARAHAMONINA – ANDRAIKITRA**

# Tsy mahavery fanantenana ny zava-misy, mbola misy olo-marina ao

Mivahavaha tanteraka ny fiainam-piarahamonina malagasy ankehitriny, ary zary atao fitaovana sisa ny amin' ny fampiharana ny firaisan-kina. Ilay firasiankina nandalàn'ny Malagasy fahiny, sy ny nampiavaka azy no naneho ihany koa ny maha izy azy. Rehefa amin'ny tranga manahirana ilàna fifanomezan-tanana dia mihazakazaka, mirodorodo ny mpiray monina, ny mpifanolo-bodirindina manampy ny mila izany, ary tsy terena izy amin' izany na mihatsaravelatsihy, fa tena anaty saina sy fo feno fitiavana. Nampilamina tanteraka ny fiaraha-monina malagasy fahiny izany toetrany izany. Ankehitriny, taona maro aty aoriana, simba anefa izany toe-tsaina tsara izany noho ny sehon-javatra amin'ny sehatra maro samihafa. Ary ny fivatravatran'ny kolontsaina vahiny, teo ny nampidirin'ny mpanjanatany amboletra, na taty aoriana ny fibosesiky ny fivoarana nentin'ny fanatontoloana, nanampy trotraka ny tsy fananana toe-tsaina hifahatra mafy amin'ny an'ny tena, no nitarika izao fikorosy fahan'ny firaisankina izao. Misy mihitsy aza tsikaritra sy tsapa, fa atao izay haharava izany. Mitarika ihany koa izany amin'ny fikorosy fahan'ny firenena ary ho tonga hatrany amin'ny fahapotehany mihitsy aza raha mitohy izao zotrany izao. Miharihary io fahasimban'ny firaisankinan'ny Malagasy io amin'ny faritra maro indrindra ny tanàndehibe sy ny renivohitra toa an'Antananarivo sy ny manodidina. Manjaka ny samy maka ho azy sy indrindra ny fitiavan-tena na ny fitiavan-kely.

Ahoana no hamerenana ny firaisankinan'ny samy Malagasy? Ho tafaverina ve ny toe-tsaina fahiny ? Sarotra izany, eny na dia ho amin'ny ampahany fotsiny aza. Tsy mahavery fanantenana anefa izany, fa mbola misy afo kely mitsilopilopy ihany, satria mbola misy olom-banona ihany na vitsy aza eto amin'ity firenena ity. Tsy avelan'Andriamanitra ho rava ny firenena raha mbola misy olo-marina ao, eny na dia isaina amin'ny rantsan-tanana aza. Manana fanantenana amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) ary manaiky ataon' Andrimanitra fitaovana izy hanavotana an'i Madagasikara. Efa eo am-pelatanana rahateo ny fitaovana ilaina amin'izany, fa ny andrasany ny fijoroan'ny olompirenena vonona handray andraikitra. Tsiahivina hatrany fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana : 034 17 460 53.

***Aris***

Varotra sy fanjifana

# Mahavelona sy be otrikaina ny vokatra sesame sy baobab




***Vokatra sakafo avy amin'ny sesame sy baobab.***

« Varimbarian'ny lavitra ny maro amin'ny Malagasy ka tsy mahita ny ambany maso ». Marina loatra io raha ny tontolon'ny fanjifana sakafo eto amintsika no dinihana. Sondriana loatra amin'ireo vokatra sakafo hafarana avy any Dilambato ny maro amintsika, koa tsy mahatsiaro saina intsony fa manana karazan-tsakafo voajanahary vokatry ny tany eto Madagasikara izay mitondra fahasalamana feno ny Malagasy.

Ny fahatsapana izany no nanosika ny « Ferme Aina » tarihan-dRamatoa Iangotiana nanompana ny asa fikarohana ataony, izay efa an-taonany maro tokoa ny amin'ny fomba hanodinana ny « sesame » sy ny « baobab » ho amin'ny endrika fanampin-tsakafo ara-pahasalamana. Ambony dia ambony ny tahan'ireo otrikaina (vitamine, calcium, magnesium, fer, sns…) ao anatin'ny « sesame » sy ny « baobab », hoy hatrany Iangotiana koa tsy isalasalana fa miteraka fahasalamana ho an'ireo manjifa azy ireto vokatry ny tany eto Madagasikara ireto. Fitaovana iray mahomby iadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ihany koa ny fampiasana azy ireo. Manamafy ny hery fiarovana efa ao anatin'ny vatan'olombeloana ary akora mahomby iadiana amin'ny havizanana ny « sesame » sy ny « baobab ».


Anisan'ny vokatra faramparany nohajarian'ny « Ferme Aina » ny fampiarahana ny « sesame sy ny « baobab ». Marihana fa tsy mampiasa akora simika ny « Ferme Aina » eo amin'ny fanodinana sy ny fitahirizana ireo vokatra. Miseho amin'ny endriny maro toy ny ranom-boankazo, yaourt, biscuit, tahini, sns… ny fanampin-tsakafo voajanahary vokarin'ity orinasa malagasy ity. Sahaza ny sokajin-taona rehetra sy ny Olombelona tsy ankanavaka (Mpianatra, mpanao fanatanjahatena, vehivavy bevohoka, antitra,… arak'izany ireo vokatra. Mendrika fanohanana avy amin'ny mpitondra fanjakana ny ezaka tahaka izao, izay miteraka ny « Soa iombonana » tsy ho an'ireo orinasa mpamokatra ihany, fa ho an'ireo mpamboly ny akora fototra sy ny mpanjifa ihany koa. Afaka mifaninana amin'ireo vokatra avy any ivelany ny vokatry ny orinasa malagasy raha toa ka misy ny finiavana eo amin'ireo mpitondra fanjakana, ho amin'ny fampiroboroboana azy ireny. « Ho tanteraka tokoa anie izany… »

***Lalasoa Razafindrakoto***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 453**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0452)

***Mitsivalana***
- Zanahary
- Anabavy
- Atao (miv)
- Sola (miv)
- Afofoany
- Hena – Leo (miv)
- Toy (miv) – Fo

***Mitsangana***
- Zaodahy
- Ana – Fe
- Nataony
- Aba – Vao
- Ha – Ao
- Avelao
- Ry – Feno (miv)
- Tsilo

### TENY MIFANAPAKA N° 453




**Mitsivalana**

**1.** Vola na zavatra fanampiana **2.** Tovona (miv) – Naoty – ao amin'ny vava (miv) **3.** Nanorona, nanarina **4.** Ao amin'ny voly – Isa omena (miv) **5.** Bibikely (BR) – Lavitra hita maso – Kianteny (miv) **6.** Milaza fananana – Ino ? **7.** Hatsiaka – Atsahatra **8.** Hita amin'ny fery (miv) – Aminy **9.** Sakaiza – Valizy vy (BR) **10.** Matoanteny – Tiana, ilaina

**Mitsangana**

**A.** Fivononana amin'izay atao **B.** Hazandrano – Hita ao amin'ny daty **D.** Vola raisina isam-bolana **E.** Biby fiompy – Mpisolo tena **F.** Mitango zava-maniry – Anaty rano **G.** Ao an-damosinay **H.** Mitsinjara mitovy **I.** Tsy mazava (BR) – Misy seranana (miv) **J.** Reny, Mama (BR) – Nandatsaka aina (miv) **K.** Raisina – Taova (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0452

**Mitsivalana**

**1**. Mifaniraka **2.** Aty - Zanaka (miv) **3.** Nifanaraka **4.** Aloka **5.** Nalamina **6.** Iry - Azia **7.** Aiza - Osy **8.** Miainga (miv) - La (miv) **9.** Noa - Ntaolo **10.** Ny (miv) - Rà - Ilo

**Mitsangana**

**A** Manahirana **B.** Ity - Ar - Gon(y) **D.** Fifaliana **E.** Ala - II **F.** Nanomezana **G.** Ikaky - Tia (miv) **H.** Raràna - May **I.** Ana - Azo - Lo (miv) **J.** Kaki - Isalo **K.** Aza - Mailo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

**Ny fiarahabana ny filoha Marc Ravalomanana tratra ny tsingerin-taona nahaterahany ny talata teo teny Faravohitra.**













